Zonao ny mahazo fiarovana sy fiahiana!

Ireo torolàlana momba ny fiarovana solony ho an'ny ankizy, sahaza ho an'ny ankizy sy ny tanora



SOS VILLAGES D'ENFANTS INTERNATIONAL

Votoatiny

1 Ny zonao hahazo fiahiana sy fiarovana 3

2 Raha manana olana ianao sy ny ray aman-dreninao 8

3 Raha tsy afaka miara-miaina amin'ny ray aman-dreninao ianao 11

4 Raha irery ianao ivelan'ny tany niavianao 26

5 Raha misy fahamehana any amin'ny taninao 29

Maribolana



ANKIZY SY TANORA



RAY AMAN-DRENY

TOMPON'ANDRAIKITRA AMIN'NY FIAHIANA

MPIASAM-PANJAKANA

TOKO 1

Ny zonao hahazo fiahiana sy fiarovana



Fiahiana sy fiarovana: Inona no dikan'izany?

Mandra-pahatongan'ny taona izay sokajiana maha-lehibe (18 taona, any amin'ny ankamaroan'ny firenena), dia heverina ho ankizy eo imason'ny lalàna ianao, ary manome anao zony manokana, toy ny zo fahazoana fiahiana sy fiarovana.

Midika izany fa ny fanjakana sy ny olon-dehibe manodidina anao dia tokony hanao izay azony atao mba hampitombo anao ho salama, ary hatanjaka araka izay tratra.

Zonao izany, midika izany fa tsy mila mitaky izany ianao. Manana izany zo izany ianao satria voalazan'ny lalàna, ary tokony hanaja izany ny tsirairay.



Iza no tompon'andraikitra amin'ny fiahiana sy ny fiarovana ahy?

Raha mbola ankizy ianao, dia tokony hisy olon-dehibe iray farafahakeliny tompon'andraikitra amin'ny fiahiana sy ny fiarovana anao: olona iray atokisanao, izay manolotra anao ny fanampiana sy torohevitra ilainao, mandra-pahatonganao ho olon-dehibe mahaleo tena.

Matetika dia ny ray aman-dreny no tompon'andraikitra amin'izany, fa indraindray tsy eo izy ireo manolotra fanampiana, ohatra amin'izany rehefa ny iray amin'izy ireo, na ny ray aman-dreny roa tonta, dia manana olana lehibe ary tsy afaka manampy, tsy nikarakara tsara ireo zanany, na koa maty izy ireo. Raha izany dia olon-dehibe hafa ao amin'ny fianakaviana no afaka miantsoroka izany andraikitra maha ray aman-dreny izany.

Mety ho zokivavy na zoky lahy, nenitoa na dadatoa, raibe sy renibenao, na havana hafa na namana akaiky anao. Raha tsy misy olona ao amin'ny fianakavianao afaka mikarakara anao dia misy olon-dehibe hafa, zatra mikarakara ankizy, izay afaka ary vonona hanampy anao mandra-pahatonganao miaina samirery sy mikarakara ny tenanao.

Ahoana raha tsy manana fiarovana na fiahiana aho?

Rehefa tsy afaka miaro sy mikarakara ny zanany ny ray aman-dreny, mandritra ny fotoana fohy na mandritra ny fotoana maharitra, dia tsy maintsy mitady vahaolana ny fanjakana mba hananan'ireto ankizy ireto olon-dehibe iray farafahakeliny hikarakara azy ireo. Izany dia antsoina hoe "fiahiana solony".

Ilay tahirin-kevitra mitondra ny lohateny hoe "Toro lalana momban'ny fiarovana solony ho an'ny ankizy" dia mamaritra izay tokony hatao mba hanampiana ireo ankizy tsy afaka miaina miaraka amin'ny ray aman-dreniny. Io tahirin-kevitra io koa dia manazava ny fomba hanampiana ny ray aman-dreny hamaha ny olany mba hahafahany hikarakara ny zanany indray.

Ireto torolàlana momba ny fiarovana solony ho an'ny ankizy ireto dia manampy ny ankizy rehetra handray fiahiana sy fiarovana, na iza izy ireo na iza, na aiza toerana iainany na aiza, na avy aiza ny fiaviany, na ny fiteny itenenan'izy ireo, ary na inona na inona fivavahany, fananahany na fahasembanany.

TOKO FAHA 2

Raha manana olana ianao sy ny ray aman-dreninao

Misy afaka manampy ny ray aman-dreniko ve hikarakara ahy?

Indraindray ny ray aman-dreny dia manana olana lehibe izay manakana azy ireo tsy hikarakara ny zanany. Ohatra, marary mafy ny ray aman-dreny sasany, ny sasany misotro toaka sy mifoaka zava-mahadomelina be loatra, ary ny sasany kosa dia tena mahantra loatra, ary tsy misy manampy azy ireo.

Amin'izany dia tsy maintsy manampy anao sy ny ray aman-dreninao hamaha ny olanao ny fanjakana sy ny fiarahamonina misy anao mba hiara-miaina tsara. Ohatra, ity fanampiana ity dia afaka miseho amin'ny dinika ao amin'ny fianakaviana, amin'ny fiofanana na koa amin'ny fikarakarana ara-pahasalamana manokana.

Ahoana raha tsy tsara amiko ny miara-miaina amin'ny ray aman-dreniko?

Mazava ho azy fa tsy maintsy miaina ao anatin'ny tontolom-pianakaviana izay ahatsapanao fitiavana, fanohanana sy fiarovana ianao. Raha tsy izany dia tokony hanampy ny ray aman-dreninao hikarakara anao ny fanjakana ary hiaro anao.

Raha tsy ampy izany dia mety hila olona hafa ankoatry ny ray aman-dreninao hikarakara anao, ho tombontsoanao indrindra, ary hiaro anao amin'ny toe-javatra mety hisy fiantraikany ratsy aminao.

Saingy mpitsara na solotenam-panjakana ihany no afaka mandray izany fanapahan-kevitra izany, aorian'ny fihainoana ny hevitrao, sy ny an'ny ray aman-dreninao ary ny namana na havanao akaiky hafa.

TOKO FAHA 3

Raha tsy afaka miara-miaina amin'ny ray aman-dreninao ianao

Tafasaraka tamin'ny ray aman-dreniko aho. Ho aiza aho izao?

Raha tsy afaka miara-miaina amin'ny ray aman-dreninao ianao dia tsy maintsy manolotra fiahiana solony ny fanjakana: toerana vaovao iray, ahafahanao miaina miaraka amin'ny olona atokisanao, izay miahy sy miaro anao.

Tsy maintsy misy safidy maromaro ho anao, ka ny tsara indrindra dia azo fidiana arakin'ny toerana misy anao, sy ny hevitrao.

Ohatra, azonao atao ny mandeha sy miaina miaraka amin'ireo havanao na namana akaiky anao, na miaraka amin'ny fianakaviana hafa ao amin'ny fiaraha-monina misy anao izay te hikarakara anao, na any amin'ny toerana misy olon-dehibe efa zatra mikarakara ankizy izay afaka miahy anao sy ireo ankizy hafa mitovy toerana aminao.

Na aiza na aiza alehanao, ny fanjakana dia tsy maintsy miantoka fa manana fiahiana sy fiarovana ilainao ianao, raha mbola mila izany ianao.

Hanao ahoana ny fiainako amin'ity toerana vaovao ity?

Ilay toerana vaovao dia tokony hameno izay filanao manokana ary tokony ho akaiky araka izay azo atao amin'ny toerana nonenanao taloha, mba tsy hampiova be araka izay azo atao ny fiainanao, ary mba hitohizan'ny fahitanao ny fianakavianao sy ny namanao, raha tianao izany.

Ny tanjona dia ny hahatsapanao fa azo antoka ao amin'ity toerana vaovao ity, fa omena sakafo tsara ianao, manana fonenana araka ny tokony ho izy ary manana izay rehetra ilainao amin'ny fiainanao. Ireo olona hikarakara anao any dia tokony hanoro sy hanohana anao rehefa mila izany ianao, manolotra fikarakarana mba ho salama tsara, ara-batana sy ara-tsaina, ary manampy anao ihany koa hianatra mba hanana asa indray andro any ary hampiroborobo ny fandraisanao anjara amin'ny fiainam-piarahamonina misy anao.

Raha toa ka tsy miara-miaina amin'ny ray aman-dreniko aho, manana zo sahala amin'ny ankizy hafa ve aho?

Eny. Raha ny lalàna, ny ankizy rehetra dia mitovy zo avokoa, izay antsoina hoe "zon'ny ankizy". Ohatra vitsivitsy amin'izany: ny zo hahazo sakafo azo antoka sy rano madio, ny zo-ponenana, ny zo hahazo fampianarana, fitsaboana, ho voaro amin'ny herisetra, ny zo hilalao ary hankafy fialamboly miaraka amin'ny namana, ny haneho hevitra ary ny mba ho henoina, ny zo hampihatra ny fivavahan'ny tena, ny hiteny amin'ny fitenin’ny tena ary ny hanana kolontsaina manokana.

Tsy misy olona afaka mandà anao ireo zonao ireo satria tsy miara-miaina amin'ny ray aman-dreninao ianao. Ny lisitr'ireo zo ireo dia voalaza ao amin'ny Fifanarahana momba ny zon'ny ankizy. Azonao atao ny mangataka olon-dehibe atokisanao hilaza aminao momba izany, toy ny mpikarakara anao, ny havanao na ny mpampianatra anao.



Afaka mandray anjara amin'ireo fanapahan-kevitra izay misy fiantraikany eo amiko ve aho?

Eny. Manan-jo hahalala sy haneho hevitra amin'ny fanapahan-kevitra rehetra misy fiatraikany amin'ny fiainanao ianao, ary tokony henoina sy dinihina tsara ny hevitrao. Ohatra, ianao dia tokony handray anjara amin'ny fanapahan-kevitra momba ny sekoly ho halehanao, ny fikarakarana ara-pitsaboana horaisinao, raha afaka miara-miaina amin'ny fianakavianao ianao na raha mieritreritra ianao fa tsy mety aminao izany, raha tokony hijanona eo amin'izay misy anao amin'izao ianao, ary izay kasainao hatao amin'ny ho avy.

Tokony ho azonao atao koa ny manome ny hevitrao momba ny fomba itondrana anao any amin'ny toerana onenanao, sy ny fomba afaka hanatsarana izany, ho anao sy ho an'ny ankizy hafa izay mitovy toerana aminao.

Horaisina ve ny hevitro sy ny filako manokana?

Eny, ny hevitrao sy ny filanao manokana no tokony ho ivon'ny fanapahan-kevitra rehetra izay misy fiatraikany amin'ny fiainanao. Izany no antony ilanao drafi-piahiana manokana. Izany drafitra izany dia mamaritra ny zavatra ilainao, ny fomba hanatanterahana izany, ary koa ny fomba fijerinao sy fanirianao ny fiainanao ato ho ato.

Ny olona mikarakara anao dia tokony hampirisika ny fandraisanao anjara amin'ny fanoratana an'ity drafitra ity, mba hanamarinana raha mety tsara ho anao io drafitra io ary ny mba hanavaozana izany tsy tapaka (raha azo atao dia atao ara-dalàna isaky ny telo volana).

Inona no azoko antenaina amin'ilay olona mikarakara ahy?

Ilay olona mikarakara anao raha tsy afaka miara-miaina amin'ny ray aman-dreninao ianao dia olona azo atokisana, izay notendren'ny fanjakana ho tompon'andraikitra amin'ny fiahiana sy fiarovana anao. Izany olona izany dia antsoina oe "tompon'andraikitra amin'ny fiahiana".

Ity tompon'andraikitra amin'ny fiahiana ity dia tsy maintsy manome sakafo sy fonenana sahaza ho anao, miantoka ny fianaranao sy ny fahasalamanao, manamora ny fifandraisanao amin'ny fianakavianao sy ny namanao ary miaro anao amin'ny karazana herisetra na zava-dratsy mety hitranga aminao.

Raha ny mahazatra dia tokony hisy fifandraisana tsara sy mandrisika eo aminao sy io olona io, hahafahanao miresaka malalaka, mangataka torohevitra ary mizara aminy ireo zavatra izay tsy tianao zaraina amin'ny olon-kafa. Ny filanao mifandraika amin'ny fihetsem-ponao, ny fananahinao, ny finoana ara-pivavahana, ny fiainam-panahinao na ny lalam-piainanao dia tokony hajaina.



Azoko atao ve ny miara-miaina amin'ny iray tampo amiko?

Raha mahazo fiahiana ivelan’ny fianakaviana ianao sy ny iray tampo aminao dia afaka mitoetra miaraka ianareo. Ny fanjakana sy ny asa sosialy dia tokony hanao izay rehetra azony atao mba tsy hisaraka ianao sy ny iray tampo aminao, raha tsy hoe tsy tsara ho anareo ny mitoetra miaraka.

Afaka manohy ny fifandraisana amin'ny fianakaviako ve aho?

Raha azo atao izany ary tsy misy fiantraikany ratsy eo aminao dia mila hampiana ianao hifandray amin'ny fianakavianao. Ny fitazomana ny fifandraisana dia afaka manampy anao sy ny fianakavianao hanatsara ny fifandraisanareo ary mety hahafahanareo hiara-hiaina indray any aoriana any.

Tokony ho afaka handray anjara amin'izany fanapahan-kevitra izany ianao, mba hahafantarana raha te hihazona ny fifandraisana amin'ny fianakavianao ianao, sy ny hatetika hanaovana izany. Raha tsy mifanerasera mivantana amin'ny havanao ianao dia tokony mampahafantatra anao ny vaovao momba azy ireo ny olon-dehibe mikarakara anao.

Hafiriana no hahazoako fanampiana?

Tokony hisy olona hikarakara anao hatrany raha mbola mila izany ianao, mandra-pahatonganao miaina miaraka amin'ny ray aman-dreninao indray, na vonona hiaina samirery, toy ny olon-dehibe.

Misy mpitsara na solontenam-panjakana tokony hanombatombana matetika ny toerana misy anao, ary manapa-kevitra raha mety aminao ny fiahiana omena anao, na raha mila fanovana ny lafiny sasany. Tokony hanontany ny hevitrao izy ireo ary handray izany amin'ny fanapahan-kevitr'izy ireo.

Afaka miverina mipetraka amin'ny ray aman-dreniko ve aho?

Tokony ho afaka hiverina any amin'ny fianakavianao ianao raha vantany vao afaka mikarakara anao ny ray aman-dreninao na olona hafa ao amin'ny fianakavianao. Izany no antony tokony hijeren'ny mpitsara na solotenam-panjakana ny toe-javatra mahazo anao sy iainan'ireo ray aman-dreninao. Tokony hanontany ny hevitrao koa izy, alohan'ny hanapahana raha afaka miara-miaina indray ianareo.

Raha vonona hiara-hiaina indray ianao sy ny ray aman-dreninao dia mila apetraka ny drafitra mazava amin'ny fotoana sy ny fomba hahafahanareo mihaona indray. Tokony hahafantatra io drafitra io ianao ary handray anjara amin'ny fanapahan-kevitra rehetra mifandraika amin'izany.

Raha vantany vao tafaray ianao sy ny ray aman-dreninao dia mbola mahazo fanampiana ianareo mba hahafahanareo miaina miaraka araka ny tokony ho izy.

Ahoana raha misy olona manisy ratsy na mampijaly ahy?

Manan-jo hiaina anaty tontolo azo antoka ianao. Tsy tokony hisy olona mampijaly na manisy ratsy anao, na ara-batana izany, amin'ny fikasihana anao tsy araka ny tokony ho izy, na amin'ny fampiasana teny maharary. Raha mitranga izany dia tokony miresaka amin'ny olon-dehibe atokisanao ianao, toy ny mpikarakara anao, olona iray ao amin'ny fianakavianao, na mpampianatra anao, ary mangataha fanampiana.

Saika amin'ny firenena rehetra dia azonao atao ny mangataka fanampiana amin'ny fomba samihafa raha misy manisy ratsy na mampijaly anao. Ohatra, azonao atao ny miantso ireo nomerao fanampiana ny ankizy eo amin'ny taninao, miantso na manatona tobin'ny polisy akaiky indrindra, na manatona ny mpanelanelana ho an'ny ankizy eo amin'ny taninao (izany dia manampahefana ara-panjakana tompon'andraikitra amin'ny fiarovana sy fampiroboroboana ny zon'ny ankizy sy ny tanora.).

Raha mandray fanohanana avy amina fikambanana ianao, na raha manampy ny fianakavianao na ny mpiara-monina aminao izy ireo, dia afaka miresaka amin'ny iray amin'ireo mpikambana azonao antoka ianao (matetika io dia "tompon'andraikitra amin'ny fiarovana ny ankizy").

Afaka mahazo fiainana manokana ve aho?

Ny fiainana manokana dia ny famerana ny fidirana amin'ny vatanao, ny habakao, ireo zavatra ary mombamomba anao tianao harovana. Tokony ho afaka hanana fiainana manokana ianao rehefa mipetraka miaraka amin'ny fianakavianao, nefa ihany koa rehefa tsy miara-mipetraka amin'izy ireo.

Na dia tsy miara-mipetraka amin'ny fianakavianao aza ianao dia tokony afaka manantona toerana manokana, ahafahanao mandeha rehefa te irery ianao, anisan'izany ny fisasanao manokana sy fikarakarana ny vatanao. Tokony hanana toerana ahafahanao mitahiry ny zavatra manan-danja aminao koa ianao, toy ny toerana fitahirizana azo antoka ho an'ny entanao manokana.

Azoko fantarina ve ny tantaram-piainako?

Eny. Ny tantaram-piainanao dia ampahany amin'ny maha-ianao anao, iza ianao, inona no mampiavaka anao amin'ny olon-kafa. Ianao dia tsy maintsy manana antontan-taratasy miaraka amin'ny anaranao, fanampin'anaranao, daty nahaterahanao ary ny fampahalalana fototra manan-danja rehetra ahazoanao ny fanohanana rehetra ilainao.

Ianao koa dia mila ampahafantarina ny momba ny fiavianao, ny fianakavianao, ny toerana misy anao ary ny drafitra momba ny androm-piainanao. Ny olona tompon'andraikitra amin'ny fiahiana anao dia afaka manampy anao hiaro sy hampivelatra ny tantaram-piainanao. Ohatra, azonao atao ny manatontosa ny "bokin'ny fiainanao", miaraka amin'ny sary sy fahatsiarovana, mba ho rakitra ho tantara ireo fotoana samihafa eo amin'ny fiainanao.

Nolazaina tamiko fa indray andro any dia afaka miaina samirery aho. Inona no dikan'izany?

Rehefa mahatratra ny taona sokajiana maha lehibe, izay 18 taona amin'ny ankamaroan'ny firenena, dia tsy heverina ho ankizy eo imason'ny lalàna intsony ianao, ary afaka manomboka miaina samirery, raha vonona amin'izany ianao. Mba hivononana amini'izany dia mila miomana tsara ianao hahaleo tena sy hiatrika ny adidy maha olon-dehibe.

Raha tsy miara-mipetraka amin'ny fianakavianao ianao dia

tokony hanampy anao hanatanteraka izany ireo olona mikarakara anao. Miaraka amin'izy ireo ianao dia afaka manomana drafitra iray, hampivelatra ny fahalalana sy ny fahaiza-manao ilainao, mba hahatongavanao ilay olon-dehibe irinao, ary mihalehibe eo amin'ny fandraisanao anjara amin'ny fiainan'ny fiaraha-monina.

Izany drafitra izany dia tokony apetraka alohan'ny hahatongavanao amin'ny taona sokajiana maha-lehibe, ary tokony ao anatin'izany ny dingana fiomanana izay mihevitra ny taonanao, ny fahaizanao ary ny filanao. Ny drafitra dia tokony hiantoka fa manana fanabeazana sy fiofanana ilaina ianao mba ho vonona hiasa, hahazo fikarakarana ara-pahasalamana sy sampandraharaha hafa, ary manana fanohanana ara-bola ampy mba hahafahanao manomboka miaina irery.

Raha manana kilema ianao, dia mila mandray ny fanohanana ilanao fahaleovan-tena araka izay tratra, ary mandray anjara amin'ny fiainam-piarahamonina misy anao, toy ny tanora hafa rehetra.

TOKO FAHA 4

Raha irery ianao ivelan'ny tany niavianao

Irery aho, ary tsy mitoetra amin'ny tany niaviako. Iza no mikarakara ahy?

Raha any amin'ny tany izay tsy fonenanao ianao ary tsy misy ray aman-dreny na olona ao amin'ny fianakavianao afaka hikarakara anao, ny fanjakana amin'izany tany izany dia tokony manao izay mety mba hisy olon-kafa mikarakara anao.

Tokony hanana fiarovana sy fanohanana mitovy amin'ny ankizy rehetra ao amin'ilay firenena ianao, ary ny olona dia tokony hanaja ny hevitrao, ny kolontsaina, ny fivavahana, ny fiteny, ny fiaviana ara-tsosialy ary foko misy anao.

Afaka mifandray amin'ny fianakaviako ve aho?

Ny mpikarakara anao sy ny fanjakana dia tokony hanampy anao hifandray amin'ireo ray aman-dreninao na havanao any amin'ny tany niavianao, mba hizaha raha azo atao sy tsara ho anao ny miaina miaraka amin'izy ireo.

Afaka mahazo fiarovana iraisam-pirenena ve aho?

Raha tsy maintsy niala tamin'ny tany niavianao ianao satria natahotra sy nahatsiaro ho tandindomin-doza, noho ny ady na herisetra ohatra, dia afaka mangataka fiarovana iraisam-pirenena (izay antsoina hoe "fialokalofana"). Mba hahazoana io fiarovana iraisam-pirenena io dia mila mampiseho antontan-taratasy maromaro ianao, ary mitaky fotoana izany. Ny mpikarakara anao sy ny fanjakana dia tokony hanampy anao amin'izany. Tsy tokony haverina any amin'ny tanindrazanao ianao raha misy loza mety hitranga amin'ny ainao sy ny fiarovana anao, na raha tsy misy olon-dehibe hikarakara anao any.

Mety ho voahidy an-kery ve aho?

Tsy azo tazomina am-ponja ianao noho ny fifindra-monina amin'ny firenen-kafa, raha tsy nahavita heloka. Tsy azo tazomina am-ponja ihany koa ianao raha nisy olon-dehibe nanery anao hanao zavatra noraran'ny lalàna.

TOKO FAHA 5

Raha misy fahamehana mitranga eo amin'ny taninao

Inona no atao hoe fahamehana?

Ny atao hoe fahamahena, ohatra, dia ady, tondra-drano, horohoron-tany na karazan-doza toy izany.

Ahoana raha mila fanampiana amin'ny fikarakarana ahy ny fianakaviako mandritra izany fahamehana izany?

Raha misy fahamehana eo amin'ny taninao dia tokony hahazo fanampiana ianao sy ny fianakavianao, toy ny fanampiana ara-pahasalamana sy ara-tsakafo, nefa koa fanampiana amin'ny fahazoana serivisy tena ilaina ho anao, toy ny mandeha any am-pianarana na manatona matihanina manampy anao hitaizana ny fihetsem-ponao.

Tsy tokony hisaraka amin'ny fianakavianao ianao ary alefa any amin'ny firenen-kafa noho ny fahamehana, raha tsy hoe ilaina ny fiarovana na ny fanampiana ara-pitsaboana anao ohatra. Amin'izany, dia tokony hiaraka amin'ny olon-dehibe atokisanao ianao, ary tokony hisy drafitra mazava hodianao.

Ary raha tsy eo ny fianakaviako, iza no afaka manampy ahy?

Raha irery ianao anaty fahamehana, ny olon-dehibe tonga manampy anao dia tokony hiezaka mahafantatra anao aloha,

ary mitahiry ny mombamomba anao (ny anaranao, ny fiavianao, sns.). Izany dia hahafahana mamantatra izay ilainao, nefa koa hahafantarana hoe iza ny olona ao amin'ny fianakavianao ary aiza izy ireo, mba hahafahanao manatona azy ireo raha azo atao.

Azonao atao ny miaina miaraka amin'ny olona atokisanao, izay hikarakara anao mandritra ny fotoana fohy, mandra-pahita ny ray aman-dreninao na ny fianakavianao, na mandra-pahitana fianakaviana vaovao, arakaraka ny zavatra ilainao.

Misaotra indrindra an'ireo ankizy sy tanora mihoatra ny 500 izay nandray anjara tamin'ny famoronana ity bokikely ity.

Ny lahatsoratra fototra ofisialy mirakitra ny toro-làlana momba ny fiarovana solony ho an'ny ankizy dia hita ao amin'ny fitehirizam-boky an-tserasera an’ny Firenena Mikambana.

© Texte adapté aux enfants et aux jeunes, 2019,
SOS Villages d’Enfants International
Brigittenauer Lände 50-54, 1200 Vienne,
Autriche

www.sos-childrensvillages.org

Fandikan-teny: Services linguistiques, SOS Villages d’Enfants International

© 2019 Sary sy endrikin'ny pejy: Visuality.eu

SOS VILLAGES D’ENFANTS INTERNATIONAL